

TILY ETO MADAGASIKARA
"Tanteraho ny fanomponao" 11Tim 4:5e

CRAAD-OI
Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement - Océan Indien

RSCDA-OI
Research and Support Center for Development Alternatives - Indian Ocean

# TOHANA FIKAROHANA ARAHAN'ASA IARAHANA AMIN'NY FIARAHAMONINA

Momba ny Zon'olombelona sy ny krizy ara toetr'andro



# IRETO AVY IREO FOTO-KEVI-DEHIBE IORENAN‘NY ZON‘OLOMBELONA

### Fitoviana

Mitovy daholo ny olombelona rehetra amin’ny fisitrahana zo, eo anatrehan’ny lalàna, tsy misy fijerena saranga, finoana, fihodirana, fiaviana...

### Tsy fanavahana

Tsy misy azo avahana ny olombelona rehetra na ara-piaviana, na ara-pinoana, na ara-tsaranga, na ara-pananahana fa misatraka zo daholo.

### Fampandraisana anjara sy fandraisana anjara


Rehefa misy hetsika atao na fanapahan-kevitra raisina dia tsy misy azo adinoina fa tokony ho voasolo tena ao avokoa ny olon-drehetra na ny sokajin’olona rehetra.

### Fitandroana ny tombontsoa ambonin’ny ankizy

Tandrovana fatratra ny tombontsoan’ny ankizy ho fitohizan’ny taranaka mifandimby.

### Fahambonian’ny lalàna, tamberin’andraikitra, fangaraharahana

Mihatra ny lalàna ary miaro ny zo;,mitovy avokoa ny olombelona rehetra eo anatrehan’ny lalàna, tokony samy mandray andraikitra ny tsirairay mba ampanjary ny zony.



# TOETOETRY NY ZON'OLOMBELONA

**Vimbinina hatrany am-bohoka**
vao any an-kibo ny olombelona dia efa misitraka ny zony.

**Toavina maneran-tany**
ananana sy mihatra amin'ny olombelona tsy ankanavaka.

**Tsy azo esorina na amidy**
tsy azo esorina sy tsy afa-misaraka amin'ny olombelona.


**Tsy azo sarahina ary mifampiankina**
tsy azo saratsarahana ny zo ananan'ny olona iray fa mifandray sy mifampiankina.

**Miorina amin'ny hasina maha-olona**
voa teraka ny olona iray dia efa manan-jo satria vao hary ho olombelona izy dia efa manankasina.

**Miaro ny olona sy ny vondron'olona**
misy ireo zo miaro olon-tokana fa misy koa ireo zo miaro vondron'olona (zon'ny mpiasa, zon'ny vehivavy, zon'ny ankizy...)

**Miteraka andraikitra ho an'ny fanjakana**
andraikitry ny fanjakana ny manaja sy mampanaja, miaro, ary manatanteraka sy mampanjary ny zon'olombelona.

**Iantohan'ny lalàna iraisam-pirenena sy ny lalàna nasionaly**
voaantoka sy voarovan'ireo lalàna iraisam-pirenena izay efa nankatoavintsika sy ireo lalànantsika eto Madagasikara.




**Manaja sy mampanaja :**

Ny fanjakana no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanajana sy fampanajana ny zon'olombelona amin'ny alalan'ireo amin'ny alalan'ireo solon-tenany isan-tsokajiny sy isan'ambaratongany.
Manaja ny zon'ny vahoaka sy ny lalàna iraisam-pirenena sy nasionaly.

**Miaro :**

Ny fanjakana no miaro ny olona sy ny vondron'olona amin'ny alalan'ireo lalàna sy rafi-pitantanana manoloana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona.

**Manatanteraka :**

Anjara andraikitry ny fanjakana ny mametraka amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana ankapobeny, ny fananganana rafitra sy fanomezana tolo-draharaha, ny fanorenana fotodrafitrasa, ny fampitaovana, sns...

Misy ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona raha toa ny fanjakana ka minia tsy mametraka ireo rafitra nandraindrain hanome vahana ny fananterahana ny zon'olombelona izay voarakitra o anatin'ny fifanekena iraisam-pirenena nankatoaviny. Ny fanjakana, ohatra, dia manome antoka ny fahazoan'ny vahoaka manontolo anatoa ireo sampandraharaham-pitsarana sy misitraka ny asa atolotr'izy ireo.

Adidin'ny fanjakana ihany koa ny miantoka ny fampahafantarana ny fampivoarana ny zon'olombelona. Iantohany amin'izany ny fahazoan'ny mpiasany isan'ambaratongana fiofanana mahakasika ny zon'olombelona.

# IREO SOKAJINA ZON'OLOMBELONA



**IREO ZON'NY ISAM-BATAN'OLONA NA ZO ARA-TSIVILY SY PÔLITIKA NA ZO MOMBA NY FAHALALAHANA IZAY MANOME FAHALEOVANTENA HO AN'NY TSIRAIRAY TOY NY:**
fitoviana sy tsy fanavakavahana, zo hivezivezy, ho arovan'ny lalàna, zo haneho hevitra...

**IREO ZO MOMBA NY TOE-KARENA, NY FIARAHAMONINA ARY NY KOLONTSAINA, NA IREO ZO IZAY MITAKY NY FANDRAISAN'ANDRAIKITRY NY FANJAKANA SY IREO MISOLO TENA AZY NY FANATANTERAHANA SY NY FAMPANJARIANA AZY, TOY NY :**
zo ara-pahasalamana, ny zo hianatra, ny zo hanana asa mendrika...

**ZO HO AMIN'NY FIARAHA-MIENTANA NA ZO HIOMBONANA, TOY NY :**
zo hisitraka tontolo iainana mahasalama, ny zo hisitraka fampandrosoana, ny zo hiaina anaty fandriampahalemana.

Misy ihany koa ny zon'ny vondron'olona marefo, toy ny zon'ny vehivavy, ny zon'ny ankizy, ny zon'ny olona manana fahasembanana, sns
(Tsy sokajin-jo manokana akory izy ireo fa nandrafetana rijanteny fiarovana manokana noho ny toetrany marefo.)

# NY ALA SY NY ZO FOTOTRA MAHA OLONA

Mitàna anjara toerana amin’ny fiainanan’ny olombelona ny Ala. Ilaina eo amin’ny andavan’androm-piainana mihitsy izy. Miantoka ny fahavitan-tena ara-tsakafo ohatra izany; toy izany koa ny rano fisotro madio, izay ianteheran’ny fambolena sy ny fiompiana ihany koa; Iantohan’ny fahasalamàna feno ihany koa ny fanànana ala voakajy ary miantoka ny fisitrahana Zo hafa toy ny tontolo iainana mendrika sy madio. Ankoatr’izay dia mirakitra ny fomban-tany, ny tantara ary ireo karazana vakoka izay isan’ny manan-kasina amin’ny maha olombelona ny ala.

## Zo ara-tsakafo

- Misy ireo foto-tsakafo iveloman'ny olona
- Toera-pambolena

## Zo ara-kolotsaina


Ny ala dia anisan’ny toerana mampiseho ny maha izy azy ny toerana iray, ahafahana manantateraka fomba, mitahiry ireo vakoka (tantara, fasana, vato)

## Zo hanana trano fonenana

- Toera-ponenan'ireo foko sasany sy vahoaka eny ifotony
- Hakàna ireo filàna fototra amin'ny fanamboarana trano

## Zo ho masi-mandidy amin'ny taniny

- manana zo tsy ho voaroaka amin'ny taniny ny olona
- Hakàna hevitra izy alohan'ny handraisana fanapaha-kevitra momba ny toerana misy azy.



## Zo ara-pahasalamàna

Ao no misy ireo ravina fanao fanafody izay fitsaboana ampiasain’ny mponina mivelona manodidina io ala io, ao ihany koa no hakan’ny akamaroan’ireo mpitsabo malagasy ireo ravina ilaina amin’ny fitsaboana

## Zo hiaina anaty tontolo iainana madio


- Miantoka ny fahadiovan'ny rivotra iainana ny fisian'ny ala; manana zo feno izy hitahiry ny ala hananany hisitrahany rivotra madio hoazy tenany sy ny zava-manan'aina mivelona eo.

# KRIZY ARA-TOETR'ANDRO

Anisan'ny antony manimba ny tontolo iainana ny fitrandrahana ataon' ireo orinasa vaventy, na an-kibonin'ny tany, izay mazàna mikitika atiala mba hahazoana azy ; na koa ny an-dranomasina izay mandoto ny rano sy mamono ireo zava-manan'aina ao anatiny.


## ANTONY MAHATONGA NY KRIZY ARA-TOETR'ANDRO

Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany mamotika ny ala sy manimba ny tany



Fampiasàna akora simika amin'ny fitrandrahana, sy ny fambolena ; fanariana ny lotom-pitrandrahana amin'ny tany sy ny ranomasina





Fitombon'ny tahan'ny entona maloto avy amin'ny orinasa vaventy, sy ny asan'ny olombelona



Fambolena tsy miovaova sy mihodina Fanimbana ny ala




## VOKATRY NY KRIZY ARA-TOETR'ANDRO

Fiakaran'ny haavon'ny ranomasina



Fahapotehan'ny tany fambolena (hain-tany, tsy mamokatra...)



Fihenan'ny hazan-dranomasina sy fahapotehan'ny zava-boahary an-dranomasina



Rivo-doza maro sy mahery vaika



**VOKATR'IREO FIOVAN'NY TOETR'ANDRO IREO DIA MISY FIANTRAIKANY BE AMIN'NY OLONA SY NY TONTOLONY IZANY. LAFINY MARO TOY NY EO AMIN'NY FIHARIANA SY FAHASALAMANA ARY TONTOLO IAINANA NO TENA ANISANY VOAKASIKA MIVANTANA AMIN'IZANY.**

**Faharinganan'ireo voahary marolafy :**
Ny fiompiana tafahoatra, ny fambolena (kininina, kesika...) sy ny famokarana miompana amin'ny varotra, ny fitrandrahana mihoapapana ny harena an-kibon'ny tany dia anisan'ny mahatonga ny faharipahan'ny ala maneran-tany ary mahatonga ny faharinganan'ireo zava-manan'aina ambonin'ny tany sy anaty ranomasina.

**Aretina:**
Vokatry ny fahalotoan'ny rivotra : Tsy mitsaha-mitombo ny isan'ny olombelona marary sy mamoy ny ainy isan-taona (indrindra ireo zaza amam-behivavy) noho ny aretina vokatry ny fiovan'ny toetr'andro : (homamiadana, aretin'ny taovam-pisefoana, aretin'ny fo, aretin-koditra, fahasembanan'ny zaza teraka...)
Aretina vokatry ny tsy fahampian-tsakafo, aretina vokatry ny fahalotoan'ny rano ampiasaina, areti-mifindra isan-karazany (dengue...)

**Loza voajanahary mahery vaika sy mitombo isa :**
Rivo-doza (fandalovan'ny rivo-doza in'efatra misesy i Madagasikara ny taona 2022), tondra-drano (pakistan, inde...) , fiakaran'ny ranomasina (vokatry ny fiakaran'ny mari-panan'ny tany ka mampitsonika ny ranomandry), haintany tsy ahafaha-mamoly sy miompy ka miteraka mosary (any atsimon'i Madagasikara) ary mihamasira sy matsaboka ny rano fisotro manamorona ny ranomasina vokatry ny fahapotehan'ny « nappe phréatique », haintany sy ny hafanam-be midangana mandoro tanety (ny taona 2022 tany Espagne, Portugal, France 60000ha no ripaky ny afo)

**Tsy fahampian'ny sakafo sy ny rano ampiasaina, faharatsian'ny kalitaon'ny sakafo sy ny rano**
Noho ny hain-tany, ny rotsak'orana mihakely dia ritra ny rano ka na ny hambolena na ny hampiasaina an-trano hany ka lasa ratsy ny vokatra misy sady mihakely ny fatrany, misy aza moa tsy mahavokatra intsony ny faritra sasany. Lasa tsy manana safidy amin'ny sakafo ambolena sy ohanina ireo mponina fa voatery izay sakafo mahazaka ilay toe-tany no averiny ambolena sy ohaniny.

**Fifindramonina tsy sazoka**
Noho ny olana ateraky ny hain-tany sy tsy fisian'ny rano ary rotsak'orana dia maro ireo voatery miala sy mandao ny taniny mba tsy ho matin'ny hafanana sy mosary. Mazana nefa io fifindramonina io miteraka disadisa sy olana ara-piaraha-monina any amin'ireo toerana hivantanan'izy ireo.

**Fihemoran'ny toekarena**
Betsaka ireo mpisehatra amin'ny fizahantany n very asa noho ny fahapotehan'ireo valan-javaboahary sy ala ary ny fikaran'ny maripan'ny ranomasina izay miteraka ny fahalanian-tamingan'ireo zava-manan'aina monina ao.
Eo koa ny fahapotehan'ireo fotodrafitr'asa maro izay tondraka sy ravan'ny rano, ka mila fanarenana indray

TILY ETO MADAGASIKARA

"Tanteraho ny fanomponao" II Tim 4:5e

SCOUTS

Créer un monde meilleur

CRAAD-OI

Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement - Océan Indien

RSCDA-OI

Research and Support Center for Development Alternatives - Indian Ocean

Tily Eto Madagasikara
tily@scout.mg
www.scout.mg
BP771 Foyer des Jeunes
Antsahamanitra, 101 Antananarivo

Lot VF 60 Mahamasina Nord – Antananarivo 101, Madagascar
craad.madagascar@gmail.com